


**Tsy asiako… kabary fa tafiditra ao anatin'ny Tantaram-pirenena malagasy ireto kabary rehetra nataon'ny Filoha Andry Rajoelina tany Nosy Boraha na Nosy Sainte-Marie. Ny antony ? Rehefa samy miririotra izay sombin'ny zavatra tenenina ka manisy sira arakaraky ny foto-kevitra ijoroany ny « mpitatitra », dia tsy misy horaisina intsony ny Tantara izay mifototra amina tranga sy teny tsy foronina velively. Ny soratra koa moa mitoetra ka dia aleho tokoa ny Tantara no hitsara ny voatenin'ny Filoha Andry Rajoelina, tao Nosy Sainte-Marie, ny sabotsy 20 Aogositra 2022.**

**Nandika ny kabary nohenoina : Jeannot Ramambazafy**

***************




**Commissariat de Police vaovao ao Sainte-Marie**

**Kabarin'ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny fitokanana azy**

(…) Rehefa tonga eto Sainte-Marie dia ny zavatra voalohany atao dia ny mitsidika aloha –avy any amin'ny aéroport izahay- ny *"monument"* fotodrafitr'asa ara-panahy izay fiangonana, *"église catholique"*
voalohany niorina teto Madagasikara. Dia tsy afenoko anareo fa nangata-pitahiana kely tao aho ary anisan'izany mba handrosoan'ity Sainte-Marie ity, izay vao hitokana ity fotodrafitr'asa ity isika.
Mangetaheta fampandrosoana ny vahoakan'i Sainte-Marie. Mangetaheta fandriampahalemana ny vahoakan'i Sainte-Marie. Ary izay indrindra no nahatongavan-tsika. Ary ny velirano nataoko taminareo dia ny hoe : tsy maintsy ho tratran-tsika ny tanjona izay hiarahana.
Fa ny tanjona napetraka izany kosa tsy androany no miteny dia androany no vita, rahampitso no vita. Efa ela loatra no tsy nisy foto-drafitrasa napetraka ho an'ny vahoakan'i Sainte-Marie teto Sainte-Marie. Marina sa tsy marina ?

Tonga eto isika, ankehitriny, hitokana izao *"Commissariat de police"* manara-penitra. Rehefa manao zavatra isika dia ataon-tsika sady tsara no mafy satria mendrika izany ny vahoakan'i Sainte Marie. Marina sa tsy marina ? Asio tehaka mafy be raha marina. Araka ny zavatra nitranga, dia nisy zavatra niseho teto Sainte-Marie. Ny fitadiavana ny rariny, ny fampanjakana ny hitsiny, ny fampanjakana ny marina. Ary izay ny zavatra nitranga satria nisy zavatra niseho nampalahelo ihany, fa isika koa vahoaka endry ka ny zavatra niseho tany aloha tany tsy ho ataon-tsika intsony amin'ny ankehitriny.
Marina sa tsy marina?

Satria nisy nandoro ny *"Commissariat de police"* teto. Rehefa nisy nandoro dia tsy hoe izay simba ihany no hatsangana fa hoy aho : andao isika hanangana vaovao, hanangana tsara satria mendrika an'izany ny polisim-pirenena, mendrika an'izany ny vahoaka eto Sainte-Marie. Rehefa mijery an'izao anie dia mba jerijereo ihany fa ny lokony fotsy ohatran'ny akanjoko, ary misy loko maro maro ohatran'ny aty amin'ny vatako ihany. Izany hoe sady tsara no mendrika ho an'ny vahoakan'i Sainte-Marie, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny fisian'ny foto-drafitrasa toa izao *"Commissariat de police"* izao dia velirano voalohany ao anaty Velirano. Dia ny hoe : ***"Fam etrahana fandriampahalemana manakaiky ny vahoaka"***
.


POLICE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
Ce bâtiment du Commissariat de Sécurité Publique de Sainte Marie
a été inauguré par
Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA,
Président de la République de Madagascar
En présence de
Monsieur le Contrôleur Général de Police
Fanomezantsoa RANDRIANARISON,
Ministre de la Sécurité Publique
Ce 20 Août 2022




FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY
Sainte Marie
Notokanan'Andriamatoa Andry RAJOELINA
Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara
anio 20 Aogositra 2022
Notronin'Andriamatoa RAKOTOZAFY François
Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana
Minisitry ny Fitsarana


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org


www.madagate.org
LA TAVERNE DES PIRATES
BAR · BRASSERIE · RESTAURANT · CRÊPERIE
RENT501


www.madagate.org
Office du Tourisme de Sainte Marie
Inauguré par
Son Excellence Monsieur Le Président de la République de Madagascar
Andry RAJOELINA
En présence de Monsieur Le Ministre du Tourisme
Joel RANDRIAMANDRANTO
Et de Monsieur le Gouverneur de la Région d'Analanjirofo
Marcellin RANDRIAMANANTENA
Le 20 Août 2022


www.madagate.org
OFFICE DU TOURISME